# “Nomena zavatra dimy izay tsy mbola nomena an’iza na iza talohako

Tatitra azo avy tamin'i Jabir bin Abdillah (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Nomena zavatra dimy izay tsy mbola nomena an’iza na iza talohako aho : Mihorohoro amiko ao anelanelan'ny dia mandritra ny iray volana ny fahavaloko, natao ho toeram-pivavahana sy fanadiovana ho ahy ny tany, ka na aiza na aiza ny olona iray amin'ny vahoakako tratry ny oran'ny fivavahana dia aoka hivavaka avy hatrany, ary tsy voarara amiko ny zavatra azo babo, saingy voarara tamin’ny olona talohako izany, ary nomena ny fanelanelanana aho, ary ny Mpaminany rehetra dia nirahina manokana tamin’ny vahoakany, fa izaho kosa dia nirahina ho any amin'ny olombelona rehetra».

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah dia nanome azy zavatra dimy izay tsy mbola nomena an'ireo mpaminany talohany : Voalohany : Nandresy tamin'ny alàlan'ny tebiteby izay natsipy tao am-pon’ny fahavaloko aho, na dia misy fandehanana iray volana aza teo anelanelan’izy ireo. Faharoa : Natao ho moske ho antsika ny tany ka afaka mivavaka na aiza na aiza misy antsika, sy hanadiovana ny tenantsika ny vovoka rehefa tsy misy rano. Fahatelo : Tsy voarara ho antsika ny zavatra azo tamin'ny ady, izany dia ireo harena lasan'ny mpino silamo amin'ny ady ataony amin'ny tsy mpino. Fahefatra : Nomena fanelanelanana lehibe indrindra aho amin'ny fanalana ny olona amin'ny horohoron'ny toe-javatra miseho amin'ny andro farany. Fahadimy : Nirahina ho amin’ny zavaboary rehetra aho, ny olombelona sy ny jiny, tsy tahaka ireo mpaminany teo alohany izay nirahina ho amin'ny vahoakany ihany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee